Filoha Rajoelina 3

**Tsy manana tetikady amafana ireo fahafaham-baraka nifanesy**

Banky Foiben'i Madagasikara 7

**Tsy marina ny filazana fa hamoaka vola taratasy 1 hetsy Ariary**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 18 desambra 2021 Laharana 1244 Vidiny : **400 Ar**


Toekarena 7

**Marary ihany koa ny resaka fizahantany any Ambositra**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Toliara, Ihosy, Ambalavao, Fianarantsoa** 2 8

# Akaiky ny fototra sy ny vahoaka hatrany Ravalo







**Raharaha Apollo 21** 3

## Voasazy 20 taona asa an-terivozona Paul Rafanoharana...





**Raharaha ady tany any Nosy-Be** 2

## Nosamborina, avy eo navotsotra i Ninie Donia



**Fiara 4x4 nifaoka bisikileta** 6

Maty tsy tra-drano ilay nitondra kodiaran-droa tsy misy motera

**Rugby** 5

Raikitra ny famaranana Federaly 1 fa harahina fepetra samihafa

**Daka kely**

Nahatsiaro menatra ihany kay ialahy ry Boaikely tsy sahy nitokana ny seranam-piaramanidina vaovao a !

TOLIARA, IHOSY, AMBALAVAO, FIANARANTSOA

# Akaiky ny fototra sy ny vahoaka hatrany Ravalo

Naharitra herinandro teo, ny fitsidihan'ny Filoha Marc Ravalomanana ny tany amin'ny lalampirenena faha-7 (RN7) iny hatrany Toliara, nanatanterahana ny fameloma-maso ny antoko TIM tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana no tena nifantohan'izany, teo koa no fanamarihana ny tsingerin-taona nahaterahany, niarahana tamin'ireo mpikatroka any ifotony any Toliara, na teo aza ny sakantsakana natao'ny fitondrana tamin'ny alalan'ireo mpitandro filaminana. Tany Ambalavao, nihaona mivantana tamin'ny vahoaka teny an-tsena i Dada. Tany Ihosy sy Fianarantsoa, nihaona tamin'ireo mpitarika ny antoko tao amin'ny renivohitry ny faritra Ihorombe sy Matsiatra Ambony izy, ho fanomanana koa ny fameloma-maso ny antoko any amin'ireo faritra ireo. Midika ireo rehetra ireo fa akaiky ny vahoaka sy ny fototra hatrany ny filoha nasionalin'ny antoko TIM sady filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny demokrasia eto Madagasikara (RMDM). Fa tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana, tsy nahasakana ny famelomamaso na redynamisation ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tany Toliara faritra Atsimo Andrefana tsy ho tanteraka ny sakantsakana, sy ny ramatahora nataon'ny tompom-pahefàna eto amin'ny firenena. Marihina fa nosakanan' ny fanjakàna tamin'ny fomba rehetra ny fety saika nankalazàna ny andro nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana ny alahady 12 desambra lasa teo, tao amin'ny Magro Andaboly. Teo ny fampiasana ny mpitandro filaminana tamin'ny fampiasàna fitaovam-piadiana mahery vaika sy ny baomba mandatsadranomaso tsy nahafahana nitsofoka tao amin'ny Magro na fananan'ny filoha Marc Ravalomanana manokana aza io toerana io. Tonga maro tany an-toerana nanotrona ny filoha Marc Ravalomanana ireo delegasiona avy aty Antananarivo toy ny depiote, ny birao politika nasionaly nanome voninahitra ny fotoana. Nandritra ny fandraisam-pitenenana nataon'ny filoha Marc Ravalomanana dia nanambara izy, fa ilaina ny firaisankina ; raha nisy ny disadisa teo aloha hoy izy dia avela daholo izany ankehitriny. Ilaina ihany koa hoy izy ny fanetren-tena sy fifankatiavana. Ho antsika rehetra dia manàna finoana hoy izy, fa tsy maintsy mandroso i Madagasikara, indrindra i Toliara.

Namafisin'ny filoha Marc Ravalomanana fa tsy mety ny CENI sy ny HCC amin'ny endriny izao io, ka ilaina hoy izy ny tokony hisian'ny fikaonandoham-pirenenena na concertation nationale, izay hiantsoana ny ray amandreny ampanahy FFKM hitarika izany. Tsy hanaiky ny halabato intsony isika, ary tsy andefitra amin'izany mihintsy. Marihina fa nanome omby ny filoha Marc Ravalomanana natao ho nofon-kena mitam-pihavanana, ho mariky ny fihavanana eo amintsika rehetra izany hoy ihany i Dada.

***Helisoa***

Raharaha ady tany any Nosy-Be

# Nosamborina, avy eo navotsotra i Ninie Donia

Raharaha ady tany any Nosy-Be, nosamborin'ny mpitandro ny filaminana, avy eo navotsotra ny mpanakanto sady mpanao politika Ninie Donia, mpanakanto sy mpanao politika tsy manaiky ny tsindry hazo lena amin'ny fakana ny vahoaka madinika any Nosy-Be faritra Diana. Nosamborin'ny mpitandro ny filaminana ary natao fanadihadiana tany amin'ny mpitandro filaminana tany Fascène Nosy-Be i Ninie Donia omaly. Fiarovana ny tanin'ireo vahoaka tsy ho alain'ny Sirama no anton'ny nisamborana azy raha ny fantatra. Tany izay kasaina hanaovana tetik'asan'ny Filoham-pirenena. Ankilany, tsy nanaiky ny fisamborana azy ireo vahoaka ao Nosy Be, ka nanao fitakiana ny hamotsorana azy. Navotsotra tokoa izy rehefa vita ny fanadihadiana nataon'ireo mpitandro filaminana. Nisy ny fanambarana nataony tao aorian'izany:" Akory aly atsika aty amin'ny Gendarme Fascene zahay kela vita enquête, fa alaifa mody zegny ho Ro dia hita eo. Mitsangana atsika Malagasy fa tsy Rariny ai nefa procédure mbo mandeha nefa didy jadogno no misy aty Nosy Be. Resaka Tany Lay Raha niravaigny Lay Raha. Tiako atsika », hoy izy. Mbola ho tantara hitohy arak'izany ity raharaha ity.

***Niaina***



*Ninie Donia, anisan'ny mpiaro ireo vahoaka madinika any Nosy-Be.*

Fitondrana Rajoelina

# Mampandry adrisa sy miziriziry

Mampandry adrisa sy miziriziry ny fitondrana Rajoelina, izany lohateny izany no malaza manerana ireo fokontany maro eto an-drenivohitra sy amin'ireo tanàn-dehibe sasantsasany manerana ireo distrika samihafa, araka ny fanadihadiana natao. Ny tian'ireo olona sendra anay sy nandefa feo taty aminay ambara dia hoe: mampiesona ny fitondrana Rajoelina, manao ronono an-tavy sy manao be lazao fotsiny ihany, nefa tsy mahafantatra izay laharam-pahamehana amin'izao vanimpotoana sarotra iainantsika izao akory. Porofo maro no nomen'ny olona, raha ny tany Toamasina ohatra dia hoe: manafatra simenitra ve no fiteny sa hitsaingoka eny ambony sambo eny? eo koa ny hoe : fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina nefa hita sy tsapa fa fampiesonana fotsiny ho entimanomana fifidianana amin'ny 2023 indray, sady efa tetikasan'ny filoha teo aloha Rajaonarimampianina izany. Ny làlam-baovao "Auto route ", nilaza ireo sendra ny mpanao gazety, fa famahanan-dalitra tanteraka satria ireo fiara fitaterana tsy afaka hamono tena toy ny mpanao "Rallye" na fitaterambahoaka io na fitaterana entana goavana ka hanao 100km/ora, fa dia ny zanaky ny mpanana sy ireo mpanao fanenjika indray no mbola hahazo aina be eto, tsy aleo ve ny làlana Vatomandry-Mahanoro no vonjena malaky, sady raha làlam-baovao mbola tsy misy tanàna azo antoka fa miharina na vao hitsangana amin'izany". Ny tany Toliara dia ireny efa hita porofo ireny, fa "Kere " tokoa, ka lasa mifindra toerana any amin' ny ilany avaratra andrefana any, efa kivy amin'ny ataon-dRajoelina, ka aleony mitodi-doha indray aty amin-dRavalomanana sy ny mpanohitra rehetra aty indray. Ny sekolim-panjakana any Toliara ohatra, ny EPP Beara, dia tsy misy na seza, na tabilao, trano falafa kely, ary zara raha mahazo karama ireo mpampianatra, nefa dia tsy fantatry ny mpanara-penitra hatramin'izao. Mazava izany fa manao be lazao, mitokana asa na zavatra tsy mbola vita zato isan-jato, nefa manampi-tsofina amin'ny vahoaka hatrany ry Rajoelina sy ny forongony. Ny eto Analamanga raha ny talata teo dia mahagaga, fa vao nomena fotoana nandray anjara tamin'ny fakan-kevitra momba ity teleferika ity ny mponina, nefa zavatra tokony efa natao tany aloha izany, mampandry adrisa tokoa hoy ny vahoaka. Ary ny vola hanaovana izany dia tsy Antananarivo ihany no hanefa azy, fa ny Malagasy iray mano ntolo mihitsy, nefa ny Renivohitra ihany no hisitraka azy, misy zavatra tsy rariny ao!



*Teleferika, tsy hitondra tombontsoa ho an'ny rehetra akory.*

***Beharo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fitondrana Rajoelina mitanila

# Misy vahoaka darohana, misy vahoaka tambatambazana

Tsy ao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao no antenaina hisian'ny fihatsaram-piainana ho an'ny sarambabem-bahoaka, raha ny fahitana ny zava-misy tato anatin'ny telo taona latsaka kely nitondrany. Tsy voafehiny ny fitantanam-bahoaka noho ny fahitana fa misy ampahana vahoaka tsy voatsinjony, mba tsy ilazana hoe ailiny na ataony anjorom-bala. Misy fijery mitanila miharihary raha tsy hilaza fotsiny afa-tsy ny tamin'ny zava-nitranga ny faran'ny herinandro teo, ny tao Vakinankaratra nisy an-dRajoelina sy ny tany Toliara nisy ny filoha Marc Ravalomanana. Misy vahoaka darohana sy aparitaka amin'ny entona manempotra na lakrimôzena, fa misy kosa vahoaka ampifalifaliana sy tambatambazana ary anaovana fampanantenana « bobaka », fampanantenana poakaty efa mahazatra. Misy olona manana raharaha tsy mazava, ary tokony hiakatra fitsarana, eo anivon'ny fitondrana toa mangatsiatsiaka sy milamindamina amin'izao fotoana izao, fa misy kosa olona, indrindra amin'ny antoko mpanohitra, vao misy hetsika kely ataony dia ny fisamborana, fitsarana ary fonja no miandry azy ary tsy miandry ela izany, sns... Ankehitriny, nangina tanteraka ny raharaha volamena voatana atsy Afrika Atsimo. Tsy heno intsony ny tohiny. Vao mainka aza ahiana ny hampivalona azy tanteraka noho ity resaka valanaretina vaovao ao aminy ity, ka hanidiana ny sisintany na ny habakabak'i Madagasikara tsy hifandray aminy. Zara aza ve misy an'izay tranga izay, hoan'ny tomponandraikitra?

Fa anisan'ny mampieritreritra fatratra ihany koa ny mpanara-baovao ny amin'ilay resaka fameranambola tsy nefaina tamin'ny mpampindram-bola Banky iraisam-pirenena. Lesoka tao amin'ny orinasa Jirama io tsy maintsy namerenam-bola io noho ny fitantanana tsy mazava. Dia mbola hisy hihambo na hiaro ny fitondrana Rajoelina toy ny teo aloha ve fa mahay mitantana izy? Efa bontolo fotsiny izany raha mbola misy. Ny fanontaniana manitikitika ny olom-pirenena maro ihany koa, dia hoe: vola taiza na avy aiza no nalaina nahafahan'ny fitondrana namerina ny volan'olona? Ity firondrana Rajoelina ity na mihambo ho manambola aza, dia tsikaritra, indrindra ho an'ny mahalala fa sahirana ara-bola. Izay no tian'ny olom-pirenena ho fantatra sy ilàny fanazavana avy amin'ny fitondrana. Misy kitapom-bola nahabangana ve any an'anonanona any hisolo vaika ny akalana aloha? Mijanona ho fanontaniana tsy hisy valiny toy ny fanontaniana maro ihany anefa izany satria iarahamahalala tsara, fa ity fitondrana Rajoelina ity dia manao ho tompon-trano mihono ny vahoaka malagasy hatramin'izay naha teo amin'ny fitondrana azy izay. Maro ireo raharaha teto tsy nahitana fanazavana mihitsy avy amin'ny fitondrana. Tsy afaka hanao izany koa izy noho ny fototra tsy mazava niaingàny hatrany am-piandohana, hoy ny maro.

***Sôh'son***

Fanaovan-dalàna

# Nifarana omaly ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Parlemanta

Nifarana omaly zoma ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Parlemanta eto amintsika dia ny Antenimierandoholona, sy ny Antenimierampirenena izany. Ny tolakandro no nifarana ny teny Tsimbazaza, fa harivariva kosa vao nifarana ny tao amin'ny Lapa Maitso Anosikely, toeram-pivorian'ireo senateran'i Madagasikara. Anisan'ny nisongadina tamin'izao fotoam-pivorian'ireo depiote sy senatera ireo izao tamin'ity fotoam-pivoriana faharoa ity, ny fandaniana ny volavolan'ny lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy 2022, izay azo lazaina fa toy ny taratasy nalatsaka nalefa amin'ny paositra ihany, tsy dia nisy ady hevitra loatra ny fandaniana azy, na teny Tsimbazaza, na tao Anosikely, satria maro an'isa ny mpomba ny fitondrana ao amin'ireo andrim-panjakana roa ireo. Ankoatra izany, nihaona tamin'ny governemanta ihany koa ireo senateran'i Madagasikara nialohan'ny fiafaran'ny fotoam-pivoriana ny alakamisy teo. Ny mpanara-baovao dia samy nilaza fa tsy nahaliana izany, satria ireo mpisolelaka no 100% mandrafitra ity andrim-panjakana etsy Anosikely ity, teny Tsimbazaza, mba nisy ady hevitra sy fanakianana ny fitondrana mpanatanteraka ihany, satria misy antoko mpanohitra ao, fa ny tetsy Anosikely dia fandokafana sy fisaorana ary fisolelafana no be dia be nataon'ireo lohalon'i Madagasikara.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Filoha Rajoelina

# Tsy manana tetikady amafana ireo fahafaham-baraka nifanesy

Tsy mitsahatra misafotofoto ny toe-draharaham-pirenena tato anatin'ny 3 taona, ka tsy fantatra intsony na misy mody adala na vao miana-draharaha, na tsy nampoo ho tonga eo amin'ny fitondrana ny manam-pahefana eto amin'ny Firenena. Eo amin'ny sehatry ny toekarena dia miiba : -7,2 ny tahan'ny harinkarena faobe (taux de croissance économique). Mitotongana ny sandam-bola ariary ka efa mananika ny dimy arivo ariary ny euro iray. Mahantra fadiranovana ny sivifolo isan-jato maherin'ny Malagasy.

Misavorovoro ny sehatra politika, ka sakanana tsy mahazo mihetsika ny mpanohitra kanefa zo fototra voarakitra ao amin'ny Lalàmpanorenana. Tsy ny mpanohitra ihany fa hatramin'ny fiarahamonim-pirenena toy ny Mpiaro ny Zon'ny Mpanjifa. Porofon'izany ny hetsika nataon'ity farany ny zoma lasa teo, ka tsy navela niditra teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey. Ny alahady lasa teo koa dia nosakanana tsy niditra tao amin'ny Magro Toliara ny vahoaka. Ny hetsika saika natao anefa dia ny fanamarihana ny tsingerin-taonan'ny Filoha Ravalomanana Marc. Nialohan'io dia efa nosakanana teny an-dàlana ho any Akililaoka izy ny alakamisy. Ny mahavariana dia toy ireny sonegaly mahazo baiko tamin'ny fanjanahantany ireny ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao. Tena tsy mahafantatra ireo zon'ny Filoha Ravalomanana Marc amin'ny maha olom-pirenena mizaka ny zo feno maha Malagasy azy, ankoatry ny zo maha filoham-pirenena teo aloha azy ve ireto toa sonegaly herimpamoretana ireto?

Bahanan'ny IRD daholo ny andrim-panjakana rehetra, ny mpanatanteraka no mibaiko ny sehatra rehetra, ka zary mpanjaka manjaka tokana ny filohan'ny Repoblika, satria tsy misy hetsika mandeha raha tsy misy baiko avy any aminy. Tsy te-hahalala ny mpomba an-dRajoelina Andry ka hatramin'ny Lalàna fototra momba ny tetibolam-panjakana avy no lanilany foana satria tsy nisy nahavaky sy nandinihana tamin'ny antsipiriany izany akory ireo maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena. Ny tena zava-doza dia ny fanovaovana ny anaran'ny tetikasa nindra-mam-bola any ivelany toy ny "téléphérique" lasa "transport sur câble". Midika izany fa na ireo depiote aza dia tsy mahay mamaky na tsy mahay ny elanelan'ireo voambolana ireo. Tsy mahafantatra ihany koa ny depiote, fa tsy ny eto an-drenivohitra ihany no mibaby izany trosa izany, fa hatramin'ireo vahoaka nifidy azy ireo, izay tsy hampiasa na hitaingina izany na oviana na oviana. Araka izany dia samy tsy misy mihevitra izay mety mahasoa ny vahoaka any amin'ny distrika niaviany ny ao amin'ny fitondrana ao, fa mikatsaka izay tombontsoany manokana, ka katsahina avokoa izay fomba rehetra hanaovana bizina.

Tsy takona hafenina intsony ny olana mianjady amin'ny vahoaka Malagasy izay mahantra ny sivifolo isanjato mahery. Malaza amin'izao fotoana izao ny "bidon jaune" izay mitandahatra ampolony metatra maro eny amin'ny paompim-pokontany. Ny manana rano an-trano dia tapaka matetika ny rano, ka misy ora maro na andro maro mihitsy ny fay rano amin'ny tanàna, ka tsy misy ho velesina intsony. Tsy ambakan'izany ny fahatapahan-jiro, tsy eto an-drenivohitra fotsiny fa hatrany amin'ny Faritra any koa. Mirongatra indray ny valanaretina covid-19 ka manahy ny maro fa sao hamerina ny hamehana ara-pahasalamana indray ny mpitondra, mba hahafahany manao izay tiany hatao indray, satria efa manomboka mihetsika daholo, tsy ny mpanohitra ihany fa hatramin'ny fiarahamonim-pirenena ihany koa. Soa ihany, angamba, fa mbola variana manomana ny fety faran'ny taona ny ankamaroan'ny olompirenena. Tsy misitraka ilay tsy fandoavana haban-tseranana intsony ireo orinasa afaka haba, ka azo antoka fa hikatona indray izy ireny dia ho maro indray, ny ho voaraoka amin'ny asany hanampy ireo efa lasa mpivarotra amoron-dàlana sy mpanakan-dàlana. Maro koa ny ray aman-dreny no tsy afaka mandefa ny zanany any an-tsekoly intsony satria tsy manam-bola andoavana saram-pianarana ary foana tanteraka ilay saranga antenantenany (classe sociale moyenne), mitombo isa izay tsy izy ny mpatory an-tsena sy eny ambany tetezana ary eny amin'ny manodidina ny fanariam-pako. Nizara tany iray hekitara, trano, omby vavy be ronono indray ny filohan'ny Repoblika toy ny nataony tany Antsoatany. Tsy fantatra akory anefa ny tohin'ity tantara farany ity. Tsy mbola hitan'ny mpitondra ihany koa izay vahaolana manoloana ny tsy fandriampahalemana, ka ny vahoaka na mpianatra manao fihetsiketsehana, tànam-polo, hanoherana izao fahoriana tsy roa amantany izao no ampiasàna fitaovam-piadiana ary tsy mahovoko firy manoloana ny asan-jiolahy sy fanafihan-dahalo. Sambon-danitra sovietika no nomena anarana "Apollo", ka avy eny an-danitra raha izany no niainga ny fiketrehana ny fifofoana ny ain'ny filohan'ny Repoblika. Efa mandeha moa ny fitsarana ka ho hita eo izay ho tohiny.


***Andry Tsiavalona***

CFM

# Hanatanteraka fivoriana momba ny fampihavanana hono

Manambara izao ny ao amin'ny CFM, na ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy, fa hanatanteraka fivoriana momba ny fampihavanana hono izy ireo ato ho ato, amin'ireo faritra maro samihafa misy eto amin'ny Nosy. Noho izay fandaharam-potoana heverin'izy ireo hatao izay, manao antso avo amin'ireo ankolafin-kery rehetra mba hanotrona ny fivoriana ny CFM, hoy ny fanambarana. Mialoha ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2023, dia nanazava ny filohan'ny kaomitin'ny Fampihavanana Malagasy Maka Alphonse, fa hisy ny fivoriana hampivondronana ireo antoko politika sy ankolafin-kery rehetra mba hihavana. Tanjona, ny mba hisorohana ny korontana hataon'ireo mpanararaotra. Ny mba hisian'ny fitoniana eto amin'ny tany sy ny firenena. Manoloana ny korontana etsy sy eroa, ny fifanaratsiana noho ny tsy fitovian-kevitra politika dia manao antso avo ny tenany, mba hananan'ny rehetra fitoniana. Noho izany, asaina ireo ankolafin-kery rehetra, ny antoko politika ary ireo fikambanana ho tonga hamonjy ny fivoriana izay hatao. Mbola tsy fantatra kosa anefa hatreto ny fotoana hanatanterahana izany. Hatreto, rafitra iray mihinam-bolam-panjakana fotsiny ity CFM ity, tsy hita izay fampihavanana vitany momba ny raharaha resaka olana tany maro eto amintsika amin'izao fotoana. Ny CENI vaovao dia rafitra hiteraka korontana eto amin'ny firenena, satria rafitra efa hita fa hitanila dieny ety am-piandohana, tsy ahitana teny momba izany anefa hatreto ity rafitra misahana ny fampihavanana ity. Ny raharaha fampiasan-kery nataon'ny mpitandro filaminana farany teo tany Toliara, olona hankalazana tsingerin-taona nahaterahana miaraka amin'ny vahoaka ve dia darohana lakrimôzena, tsy ahitan-teny momba izany anefa i Maka Alphonse sy ny forongony, koa inona no fampihavanana antenaina amin'izy ireo amin'izany ?

***Stefa***



*Ny filohan'ny CFM Maka Alphonse, rafitra mihinam-bolam-panjakana fotsiny ny rafitra izay tarihany.*

RAHARAHA APOLLO 21

# Voasazy 20 taona asa an-terivozona Paul Rafanoharana…

Nivoaka omaly ny didim-pitsarana mahakasika ilay raharaha Appolo 21, na ilay raharaha voalaza fa nisy fikasana hifofo ny ain'ny filoha Andry Rajoelina. Naharitra andro maromaro ny fanadihadiana natao an'ireo voampanga, sy ireo vavolombelona momba ity raharaha ity ary vita sy navoaka tamin' ny fiafaran'ny taom-pitsarana 2021 eto amintsika omaly ny didy. Ny didim-pitsarana tamin'izany: - 20 taona asa an- terivozona: Paul Rafanoharana.
 - 10 taona asa an-terivozona: Razafindrakoto Aina Marie sy François Marc Philippe.
- 5 taona asa an-terivozona: Andrianandrianina Voahangiarisoa Nomenjanahary.
- Afaka noho ny fisalasalana: Rozette Brigitte sy ny jeneraly Razakarimanana Ferdinand.
- 5 taona an-tranomaizina sazy mihantona : Ramahatra Victor sy Andriazanakolona William Yvon, na i Sareraka.
- Afaka madiodio: Rakotondramanana Alain José,
Diary Rivohasina Angelot Gaston,
Dabaka Jean Michel,
Valomila Bien Aimé,
Harisoa Princy,
Totoarisoa Rakotoarison Alphonse Anthony,
Andria Tiana Michel,
Ravelonarivo Jocelyn,
Rakotoarimanana Nomenjanahary Maminiaina Patrice,
Rapo Nicholson Edouard,
Diambelou Euclide.

Samy nanana ny fandraisany azy ny sokajin'olona samihafa momba ity raharaha ity, ao ny nilaza fa sinema, ao ireo nilaza fa zavatra tena nisy ilay fikasana hamono ny filoha. Ny hita aloha, vita omaly iny fitsaran'olombelona iny! Ho hita eo ihany ny ho tohiny!

***Stefa***





*Paul Rafanoharana sy François Marc Philippe, anisan'ireo voaheloka hanao asa an-terivozona.*

TONONKALO

## Ho an`iza irery ireo fepetra ?

Mora ery ho anao mpitondra ny mamoaka ireo fepetra,
Izay voalaza fa tsy maintsy hoe ankatoavin`ny rehetra,
Saingy raha ny zava-misy dia ianao hatrany hatrany,
No manivaka sy tena tsy manaraka an`izany.

Ianao no mbola sahy mamory sy miantso ireo vahoaka,
Mba hihaino rediredy sy kabary mampanoaka !
Nefa ianao no ilay mandrara sady sahy mampiasa hery.
(Fa ny didy sy lalàna, moa natao ho an`iza irery ?)

Mba jereo aloha ny tena vao miteny sy mandahatra,
F`efa tena mankaleo ireo revin-gadra tsy mitsahatra.
Mba jereo ny mahasoa ireo vahoaka mitaraina,
F`aza dia ny mahafinaritra, izay no hany tanisaina .

Tsy ny zavatra mirenty nefa tena tsisy vidiny,
No hanala ireo vahoaka eo amin`ny toerana mangidiny,
Fa ny zava-mahasoa no `ndeha ataovy lohalisitra,
Mba tsy ho rambony ny gasy na ho zatra miady gisitra !

***IRINA HO TAFITA (16-12-21)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny randonn ée, na ny dia an-tongotra nataon'ny Jeunes TIM Analamanga avy any Ambatolampy Tsimahafotsy, nihazo an'Ambohimanga.**









LA POLIFONICA DI TANA

## Antoko mpihira ivondronan'ireo mpampianatra hira

Ny 20 janoary 2020 no niforona ny antoko mpihira « La Polifonica di Tana », antoko mpihira ivondronan'ireo mpampianatra hira. Niompana tamin'ny filalaovana ireo hira klasika italiana izy tany am-boalohany, ka nampitolagaga ireo vahiny italiana ny nihirany ny hiran'i G.Puccini, G. Verdi, Donizzetti … tamin'ny 22 febroary 2020 tao amin'ny IKM Antsahavola. Taty aoriana, nivelatra tamin'ny fiangaliana ireo hira klasika hafa ny «La Polifonica di Tana », ka nihira ny sanganasan' i L.v. Bethoven, J.S. Bach, A. Mozart, Hendel, Haydn sy ireo maro hafa nilalao ny mozika klasika. Tsy very anjara tamin'izany ireo hira malagasy noforonin'i Ratany, Rajoro, Gilles Ramiarison, sns... Ireto farany izay azo ambara fa samy andrarezina teo amin'ny sehatry ny famoronan-kira teto Gasikara.

**Miavaka sy matihanina**

Ireo mpampianatra hira any amin'ireo Antoko mpihira « chorales » hafa avokoa no mandrafitra ny « La Polifonica di Tana ». Vokany, tsy misy loatra ny fotoana atokana ho amin'ny fianaran-kira fa zaraina fotsiny ny « Sorampeo » « partitions » (Solfa sy solfezy), izay efa samy havanana amin'ny famakiana sy fampiasana izany avokoa ireo mpikambana eo anivon'ny « La Polifonica di Tana ». I Tanjona Rakotoarisoa no « Chef de Chœur ». Tombon-dahiny ho an'ity antoko mpihira ity tokoa, araka izany, ny fananana ireo mpikambana efa matihanina amin'ny fikirakirana ny mozika.

Maro ireo kaonseritra nataon'ny « La Polifonica di Tana ». Singanina amin'ireny ny tao amin' ny Tranombokim-pirenena, ny Institut Français de Madagascar, ny Lapan'ny Tanànan'Antananarivo, ny Ivokolo ao Analakely. Ny tsikaritra tamin'ireo fampisehoana nataon'ny « La Polifonica di Tana » dia ny fanatrehan'ireo manampahefana sy olomanan-kaja isan-tsokajiny toy ny solombavambahoaka, senatera, ministra hatramin'ny filoham-pirenena. Natao ho an'ny sokajin'olona rehetra ihany koa anefa ny kanto voizin'ity Antoko mpihira ivondronan'ireo mpampianatra mozika maro ity. Ny Dr Rakotobe Andriamaroa no filoha mpiahy ny « la Polifonica di Tana ».

*Lalasoa R.*



*Ny « La Polifonica di Tana » manome lanja ny mozika klasika.*

# Sakafo Ny Valosoa



Henan'ondry sy dipoavatra ary ovy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo avy amin'ny ravina zavokà

Ny soa azo avy amin'ny ravina zavokà indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Tsara ho an'ny olona asthmatique, na misohiaka ny ravina zavokà (avocat). Fomba fikarakarana azy: ravina zavokà 5 ampangotrahana amin'ny rano 1 litatra, sotroina mandritra ny tontolo andro, hasiana tantely, atao in-1 isak'herinandro.



# NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Marovoay Banlieue, distrikan'i Marovoay faritra Boeny

Ny tanànan'i Marovoay Banlieue, na Marovoay ambanivohitra, distrikan'i Marovoay, faritra Boeny indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marovoay ambanivohitra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 18 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina ao amin'ny distrikan'i Marovoay, vokatra any Marovoay Banlieue ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy: ny mangahazo, ny katsaka. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina any.



## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ataovy ny zavatra rehetra amin'ny tsi-fimonomononana sy ny tsi-fisalasalana."*

***Filipiana 2:14***

facebook NY VALOSOA
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Toliara, fanitsakitsahana zon'olombelona ny alahady teo Milaza ny heviny ireo mpiserasera amin'ny Facebook

**Ihatsimo Mamy :** Happy Birthday Pdt Marc Ravalomana! GOD BLESS YOU ! Ireny zany lay olo ambany faneva firenena ( firenena Macron frantsay ny azy angamba eee?) TIM FOREVER!

**Andriamora Ianteherantsoa Rakotondrainibe :** Hbd Dada, aza kivy! Homba anao hatrany ny Tompo.

**Ramialisoa Nandrianina Carol :** ny olona zao efa miomana @ fety fa aza entina migrevy.

**Dina Ratrimo:** habibiana mihitsy no nataon'ny force de l'ordre sy ny fitondrana Rajoelina tany Toliara ny alahady teo ireny, olona hankalaza anniversaire ve dia darohana lacrymogène, tsy rariny!

**Lucas Rõdrygó :** ndriiiiiiii.

**Fredette Tsima :** Joyeux anniversaire dada, na izany aza.

**Michaël Harris :** ny gendarmerie rehetr nga manana matériel anti- émeutes reo? Manankarena wa ny gasy sun above.

**YoÊl Raherinirinason :** arahabaina PRESIDENT D ho tratrany ela indrindra.

**L'ange Noir :** a Vatolatraky ao misy attaque, ndana miasa fa raha ohatran'io ro ampisehoa hery va koay. Haiko fa baiko io tsy manome tsiny zaho fa mahavita ry rahalahy.

**Johnson Havil :** Hbd dada!

**Roger Mercia :** Hbd Dada an, courage amin'izao zava-misy zao fa mbola ho avy ny anjarany.

**Luc Ravelojaona :** marary saina lay foza ! tena fanitsakitsahana ny zon'olombelona.

**Manoel Andry :** mirary soa ho anao sy ny fianakavinao PRÉSIDENT.

**Natty Lion Survival :** manana zo ankalaza enao rah manambola, fa lay 13 tsy mahazaka démocratie. Kkkkkk!

**Mayah Fleure :** Joyeux anniversaire président !

**Myr Kell's :** dia ho tratran'ny mitsingeringerina ry Dada,

**Tsiriniana Solokavana :** Hbd , ho ela andro iainana , ho tahin'ny Tompo.

**Herin'Amboara Amboara :** tsy kivy e! Courage fô !

**Lee Marvin :** Hbd president Ravalomanana.

**Aina Be :** alefa Dada !

**Riannah El Fitia :** courage Dada, tahian'ny Tompo Dada!

**Rakotokely Tolotraniaina :** tena fitondrana foza mihitsy ka ! alahady daroka lacrymogène, talata anefa navela natao indray ny redynamisation ny TIM Toliara, sy ny fihaonan'ny RMDM.

**Santatra Haingotiana :** aza kivy zany, fa alefa Dada a!

**Heri Niaina :** mila jerena amin'izay ny statut zandarimaria satria toa manao ny asan'ny Officier de police judiciaire izy nefa tsy police feno. Misoratena miaramila noho ilay formation izy nefa tsy feno. Hany ka baiko fotsiny dia mihetsika amin'ny maha-miaramila azy…



**Ivanhoé Teller Ithier :** Happy birthday Dada! ho tahin'ny Tompo Jesoa hatrany anie Dada!

**Leo Randrian :** mirary taona maro mifandimby ny filohanay izahay mianakavy.

**Sitraka Maminiaina :** mirary soa hatrany ho an'i Dada.

**Kevin Fanomezana** : Hbd président dia mirary soa !

**Maminiaina Olivia :** alefa foana Dada a ! d joyeux anniversaire Dada.

**Mapione Madelene :** courage Dada fa mitondra Ambavaka ho anw zahay Alaotra Mangoro.

**Ursulla Giostino Delaunay :** ny mpanao tsara halan'ny mpanao ratsy foana e... ny mpandrava tsy hitovy @ mpanangana mandrakizay... voalavo ve no hiarahamonina koa inona!

**Ravelonasy Michel Anthony :** ahoana tsara a ?

**Fanja Razakaboay :** mirary soa !

**Willette Nandrasana :** tahian'ny Tompo Dada a! Anakilahiko mitovy anniversaire @nao 18 ans izy zao.

**Randriamiary Tiana Lariss'ah Lari'ssah :** ita wa mahatahotra sao d mahazo olona be Dada. sinon hbd, d mirar ny soa hatrany!

**Lanto Harivelo :** Hbd Dada, Andriamanitra homba anao!

**Ratsarafiafara Misainasoa :** miandry isika, miandry ILAY MITONDRA NY FAMALIANA... andrintsika IZY ka!

**Daf'naritra d'Anoloka :** ary tena hatahorana mafy mintsy ne Dada zany a? Courage foana Dada a!tsy maintsy mandresy raha tsy misy mamosavy.

**Rakotomavo Willy Jeet :** tsy mahalala fomba ny mpaniraka sy ny tafika, afaka mamaly zay tezitra!

**Hector Juval Rjuval :** matahotra lay fitondrana.

**Nomenjanahary Fyh :** mahereza Dada.

**He' Ri 'Zzo :** na iza na iza milaza azy fa tena hahavita raha eo, FILAMINANA sy fandrosoana ihany ny anay o ! (Resaka famahana olana tsy ankifidy tavan'olona).

**Jacob Rahaingoson:** mampiseho ny maha-jadona azy hatrany ny fitondrandRajoelina.

### RALLYE CTMOTORS 2021

## 32 ireo ekipazy handray fiaingana anio




*Rallye CTmotors 2021.*

Mahatratra 32 ireo ekipazy handray ny fiaingana amin'ny fifaninanana rallye CTmotors 2021, anio sabotsy 18 desambra 2021, eny amin'ny manoloana ny « showroom CTMotors - Madagascar » eny Andraharo. Ho fantatra eny amin'ny « parking Gifi Madagascar » eny Ankazomanga Atsimo rahampitso alahady 19 desambra 2021 kosa, izay ekipazy ho tompondakan'i Madagasikasra 2021 amin'ny taranja rallye. Marihana fa noho ny toe-java-misy eto amin'ny firenena amin'ny fiverenan'ny fihanaky ny valan'aretina Covid-19 indray, dia ambetin-dresaky ny mpikaraka eo anivon'ny Fsam ny amin'ny tokony hanajan'ny rehetra: na mpandray anjara na ny mpijery, ny fepetra ara-pahasalamana rehetra, toy ny fanaovana "cache bouche" tsy tapaka amin'ireo roa andron'ny fifaninanana ireo.

***Rainilita***

### Volley Ball

## Hamarana ny taom-pilalaovana ny 3è Circuit de Beach volley



*Beach Volley Malagasy.*

Hamarana tanteraka ny taom-pilalaovana volley ball 2021, karakarain'ny FMVB ny "3è Circuit de Beach volley", ho tontosaina any amin'ny torapasik'i Mangily Toliara, nanomboka omaly zoma 17 desambra, ka hifarana rahampitso alahady 19 desambra 2021. Omaly zoma 17 desambra no nanombohan'ny tena fifaninanana, ka tsy hifarana raha tsy rahampitso alahady 19 desambra 2021 hariva. Marihana fa teto Antananarivo avokoa no nanatanterahana an'ireo fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 amin'ny taranja volley-ball sokajy rehetra. Azo eritreretina fa aorianan'io Beach volley any Toliara io, no hanatanterahan'ny Federasiônа Malagasin'ny Volley Ball ny Ago sy Age, hanaovana ny fifidianana ho fanoloana an'ireo mpitantana an'ity taranja ity amin'ny fe-potoana olympika manaraka.

***Rainilita***

### Rugby

## Raikitra ny famaranana Federaly 1 fa harahina fepetra samihafa



*Teny amin'ny Skate Park.*

Notanterahina tamin'ny alakamisy 16 desambra 2021 teny amin'ny Skate Park Antanimena, ny fihaonana tamin'ny mpanao gazety nampahafantaran'ny Malagasy Rugby sy ny Star (Doppel Munich), ny fiatrehana ny lalao famaranana Doppel Top 20, eo anatrehan'ny zava-misy ankehitriny ara-pahasalamana. Toy izao manaraka izao no fepetra noraisina : 1- na dia teo aza ny fangatahan'ny fileovana FTM sy Mang' Art ny mba hiseho vahoaka dia tsy afaka ho tanterahana izany ary dia hajanona ireo lalao, fa hisy ihany ny fanatanterahana azy amin'ny fotoana mahamety izany. 2- tsy hisy ny fampisehoana rindrankira izay nokasaina hatao amin'io andron'ny 19 desambra io, fa dia natokana ho lalao mikasika Doppel ihany no ho tanterahana. 3- noferana tanteraka ny mpijery afaka hiditra ny Kianja ka ny antsasaky ny toerana ihany no azo hipetrahana. 4- Ny ankizy latsaky ny 13 taona dia tsy afaka hijery ny lalao 5- olona iray tapakila iray 6- izay tsy manao aro vava sy orona dia tsy afaka hiditra hijery. 7- Ny toerana voamarina "X" ihany no azo hipetrahana 8- izay tsy afaka manatanteraka ireo fepetra ireo dia havoaka ny kianja 9- Ny saram-pidirana dia ho 5.000 ariary ny "gradin" ary 10.000 ariary ny "tribune". Ny lalao kosa dia handeha mivantana ao amin'ny pejy Facebook #Gasystar ary #Startimes. Nampanantena lalao hiady sy hihaja ny ekipa roa tonta hanao famaranana. Hanomboka amin'ny 12 ora antoandro ny lalao fiadian-toerana faha-3 hifanandrinan'ny Tam Anosibe sy Stm Savonnerie, mialohan'ny famaranana hikatrohan'ny Usa Ankadifotsy sy Cosfa Miaramila.

***Rainilita***

FIARA SY MOTO NIFANDONA MAFY

# Olona miisa 3 no indray namoy ny ainy

Olona miisa 3 no indray namoy ny ainy, io noy vokatry ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny lalampirenena voalohany (RN1). Nisehoana lozam-pifamoivoizana namoizana ain' olona 03 izany lalampirenena izany, tao amin'ny Secteur Tsinjoarivo Imanga, distrikan'i Tsiroanomandidy, faritra Bongolava. Afak'omaly hariva no nitrangan'izany loza izany. Miaramila iray niaraka tamin'ny vady amanjanany nitaingina moto, no nifandona tamin'ny fiara noentina zandary atao hoe Sefo Rina. Maty tsy tra-drano ilay zandary sy ireo miaramila mivady. Naratra kosa ny zanak' ireto farany, izay vao 02 taona monja, tapaka ny tànany havia sy ny tongony roa ary efa nalefa notsaboina any amin'ny Hopitaly Be Tsiroanomandidy. Mirary fahasalamana ho an'ilay zazavavy kely niharan-doza ary mirary fiononana feno ho an'ny fianakavian'ireo namoy ny ainy, noho izao lozam-pifamoivoizana izao.



*Mafy ny fifandonana teo amin'ity fiara ity sy ilay moto, nahatonga ny loza nisy fahafatesan'olona.*

**Niaina**

Fiara 4x4 nifaoka bisikileta

# Maty tsy tra-drano ilay nitondra kodiaran-droa tsy misy motera

Nisehoana loza mahatsiravina afak'omaly maraina, teny amin'ny lalan' Ambohitrimanjaka ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Fiara 4x4, na fiara tsy mataho-dalana iray, no nifandona tamin'ny bisikileta teny antoerana. Maty tsy tradrano ilay mpitondra bisikileta, noho ny dona mafy sy ny ratra nahazo azy. Matetika no mandeha mafy ireo mpitondra fiara noho ny hatsaran'ny lalana vaovao eny Ambohitrimanjaka iny amin'izao fotoana, misy koa anefa ireo mpitondra kodiarandroa tsy misy motera mikivilavila rehefa mandeha, izany dia anisan'ny mety hitrangan'ny loza mahatsiravina toy izao. Ka mila mitandrina avokoa, na ny mpitondra fiara, na ny mpitondra bisikileta, indrindra ny mpitondra moto, fa tsy hisetrasetra amin'ny fahatsaran'ny lalana.



*Ilay loza nitranga teny Ambohitrimanjaka.*

**Stefa**

Lycée Ranohavimanana Ambatondrazaka

# Mitohy ny fankalazana ny faha-50 taona nijoroany

Mankalaza ny faha-50 taona nijoroany amin'ity taona 2021 ity ny Lycée Ranohavimanana Norbert any Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro. Maro ireo olo-manga eto amin'ny firenena no nandranto fianarana tao amin'izany sekoly izany. Tamin'ny taona 1971 no nijoro ny Lycée Ranohavimanana Norbert Antsahamarova Ambatondrazaka. Sekoly namolavola olomangam-pirenena maro no sady reharehan'ny faritra Alaotra Mangoro. Sekoly anisan'ireo tsara voka-panadinana arapanjakana ny Lycée Ranohavimanana Norbert Antsahamarova. Ahitana mpampianatra manana traikefa. Mampiavaka azy amin'ireo sekoly hafa, raha ny fantatra dia ny nahatafavoahany olom-banona maro eto amin'ny firenena. Manana fitsipika hentitra amin'ny fanabeazana ny ankizy ao aminy. Feno 50 taona ankehitriny ny sekoly ary mitohy ny fanamarihana amin'ny alalan'ny hetsika samy hafa.

**Niaina**




*Lycée Ranohavimanana Norbert Ambatondrazaka mankalaza ny faha-50 taona nijoroany.*

"Orange Pro League 2021/2022"

# Kianja 6 no handray ny fifaninanana andro faha-3

Kianja manerana ny nosy miisa 6 be izao, no handray ny fifaninanana andro faha-3, amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022" amin'izao faran'ny herinandro izao: sabotsy 18 sy alahady 19 desambra 2021 dia ny kianja "Elgeco Plus Stadium By Pass", ny kianja "Barikadimy Stadium Toamasina", ny kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona", ny kianja "Maître Kira Toliara", ny kianja Ambatomainty Alaotra Mangoro ary ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha. Fandaharan-dalao andro faha-3 : Kianja "Elgeco Plus Stadium By Pass" Five Fc # Uscafoot, Cffa # Jfc. Toliara, Elgeco Plus # A.Dato Fc. Kianja Ambatomainty Alaotra Mangoro : As Fanalamanga # Ajesaia. Kianja "Barikadimy Stadium Toamasina" Tia Kitra Fc # Fosa Juniors Fc. Kianja "Complexe Sportif Cnaps Vontovorona" Jet Kintana # Cosfa. Kianja « Maître Kira Andaboly Toliara » 3Fb Toliara # Disciples Fc. Kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa" Zanakala Fc # Mama Fca.


**Rainilita**

Ankilizato faritra Menabe

# Nitory ny ben'ny tanàna koa ireo sefo fokontany

Fantatra izao fa nitory ny ben'ny tanànan'Ankilizato, distrikan'i Mahabo faritra Menabe koa, ireo sefo fokontany mandrafitra izany kaominina Ankilizato izany. Araka ny vaovao voaray, nanao fanambarana sy fitoriana ny ben'ny tanànan'ny kaomininina ambanivohitra Ankilizato, ireo filoham-pokontany ao amin'ny Kaomininina ambanivohitra Ankilizato. Nisy ny fanamparampahefana nataon'ny ben'ny tanàna hoy izy ireo, nandritra ny fotoam-pitondran'ity olona voalohany ao amin'ity kaominina ity. Vao andro vitsy lasa izay no voasambotra ity ben'ny tanàna ity sy ny mpiara-miasa aminy akaiky, noho ny resaka kolikoly ao anivon'izany fiadidiana ny tanàna niandraiketany izany.

**Rajepa**



*Fitoriana nataon'ireo sefo fokontany any Ankilizato.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety izy ity mba ho fanazavana ny tena zava-misy momba ilay RAHARAHA TITRE VERT VAKINANKARATRA :

Ity ary ilay porofo nokarohinareo mpitondra momba ilay resaka titre vert ho an'ny tanora eo Andranomanelatra. Marihiko fa izaho no manana ity version ity fa tsy misy hafa akory hahafantaranareo azy, indrindra ianao TALE IRAY eo anivon'ny faritra Vakinankaratra, nanome lesona mpanao gazety iny. Ity ary ilay fanadihadiana voalohany ho anao. Toa ho avy aty koa ingahy Andry Rajoelina filoha, ny faran'ny herinandro izao ka aleo ho hitany eo ilay werawrera sy ny olony ary.

« Ny vaovao vao voaray amin'izao fotoana izao dia tsy mihemotra ny fotoana handoavan'ny ankizy ny vola. Nifanarahana sy nifanaovana sonia (ny mpisitraka, ny fihariana, ny ministera ary ny Fifamanor sy ny Region) fa 6 mois aorian'ny fanombohan'ny projet no manomboka ny fandoavam-bola. Nolazaina anefa tamin'ny volana juillet fa tsy maintsy manomboka 1er septembre ny titre vert ary efa natao ny sonia tamin'ny banque. Noho ny vita ny sonia dia ny volana mars araka izany no tokony handoa ny vola ny ankizy. Omaly anefa rehefa nitaky ny hanemorana io fotoana io ny ankizy dia nolazaina fa tsy maintsy amin'ny volana mars no aloa ny vola, isika nefa izao efa décembre aty mbola tsy fantatra ihany koa hoe raoviana no hanomboka marina ny projet, (6 décembre no fotoana nomena anay farany nefa hatramin'izao tsy mbola misy resaka) Ny fahatarana anefa tsy misy antony avy aty aminay velively. Ary raha ny cahier de charge nifanaovana sonia dia tokony samy ho tompon'andraikitra amin'ny fahadisoana ataony ny tsirairay. Izao anefa rehefa ry zareo no diso sy nahatonga ny fahatarana dia tsy mandray ny andraikitra tandrify azy ary manao didy jadona fotsiny hoe tsy maintsy mars io, fa tsy afaka miova intsony. Mipetraka ny fanontaniana hoe inona no antony nanaovana sonia ny cahier de charge raha tsy hampiharina izay nifanarahana ao? Natao hamatorana ny mpisitraka fotsiny ve ilay cahier de charge, fa rehefa ny fanjakana no manao ny tsy mety na ny Fifamanor na ny fihariana dia mahazo manao didy jadona fotsiny amin'ny zavatra izay nataon'ny tanany sonia!? Tena kivy izahay io amin'izao satria tena niady omaly mba hijerena an'izay situation izay fa dia valy boraingina no azo hoe, "tsy maintsy io no arahinareo". Raha hitaraina nefa moa izahay hitaraina aiza!? Tena miha-kivy izahay. Betsaka ireo efa te hiala vokatr'io tranga io nefa lazaina fa efa tsy afaka miala intsony fa efa vita ny Sonia, ka tsy maintsy manao na inona na inona atao.

Momba ny vola nomena anay dia izao 38.500.000 ar mahery. 12.000.000ar amin'io dia efa naloa hividiana an'ilay omby (marihina anefa fa nilaza i président tamin'ny kabariny teny Andranomaletra ny 4 mai lasa teo fa omena maimaim-poana ny omby) -10.000.000 ar dia nanaovana trano hipetrahaka. Nefa sady ratsy kalitao ny trano tsy misy na béton 1 akory, lalotra bâtards, sady efa nolazain'i Président tamin'ny kabariny ihany koa fa horaisiny an-tanana izany . 3.500.000 ar ny tranon'omby. Izay tena mampitomany tokoa, tsy manaraka ny fenitra mihitsy, tery ho an'ny biby, 8,5m sur 6m no nifanarahana lasa 5m sur 4m sisa ny ao amin'izao ary ireny rava ireny raha vao tsofin'ny rivotra. Na ny trano na ny tranon'omby dia hafa ny nampanantenaina nefa tena zavatra hafa mihitsy no azonay ao. -500.000 ar ny nanaovana lavadrano. Izay tena marivo tokoa, misy ary ny efa ritra sahady amin'izao isika miteny izao tsy ahazoana rano intsony. I president nefa nampanantena fa forage 1 ho an'ny ankizy 2 no atao fa tsy lavadrano ho tototra mialoha nefa mbola tsy nampiasaina akory. Nisy vola naloa tany amin'ny domaine ihany koa, Ny ambin'io vola io no ampiasainay ho an'ny fanodinana ny tetik'asa 3.500.000 ar hividianana Juncao hambolena. Ny labour nefa tena zara fa vita ».

**Mamy Njafy**
**Tanora Antsirabe**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**11/12/2021 hatramin'ny 18/12/2021**

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

**- FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17

**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1244-12-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

# Tsy marina ny filazana fa hamoaka vola taratasy 1 hetsy Ariary

Tsy marina ny filazana fa hamoaka vola taratasy 5 alina Ariary sy 1 hetsy Ariary ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM), io no fanambarana nataon'ny BFM omaly, mandiso ny filazana nataon'ny olona sasany amin'ny tambazotran-tserasera sosialy Facebook tato ho ato. Araka ity fanambarana ity, miparitaka eo anivon'ny tambazotran-tserasera ankehitriny, fa hisy famoahana vola vy Ariary 100, Ariary 200, Ariary 500, Ariary 1000 ary vola taratasy 50000 Ar, sy Ariary 100000. Manamafy etoana ny Banky Foiben'i Madagasikara fa tsy misy ary tsy mikasa hamoaka ireo karazam-bola voalaza etsy ambony ireo mihitsy izy ireo. Hamafisina hoy ny fanambarana fa ny fanelezana vaovao tsy marina miteraka fanakorontanana saim-bahoaka dia enjehina sy sazian'ny lalàna. Ny vola 2 alina Ariary taratasy aza manahirana ny mampiasa azy amin'izao fotoana, mainka fa hisy izany vola taratasy 5 alina Ariary na iray hetsy Ariary izany, dia vao mainka hisavoritaka ny mpampiasa azy, mila saziana araka ny lalàna misy tokoa izay nanely izany vaovao tsy marina izany. Ny vola vy koa aza amin'izao fotoana, tsy dia be mpampiasa intsony, koa hamoaka vola vy hafa ahoana koa moa?

***Aly***




*Ireo karazam-bola misy eto amintsika amin'izao fotoana.*

Toekarena

# Marary ihany koa ny resaka fizahantany any Ambositra

Marary ihany koa amin' izao fotoana ny resaka fizahantany any Ambositra renivohitry ny faritra Amoron'i Mania, toy ny any amin'ireo toerana mahasarika mpizahatany hafa eto Madagasikara, dia ny any Nosy-Be, Sainte-Marie, Fort-Dauphin, ny any Isalo, ny any amin'ny Tsingin'i Bemaraha,… Ny anton'izany dia noho ny tsy fisian'ny mpizahatany eto amintsika tato anatin'ny 2 taona izao, noho ny resaka valanaretina coronavirus, ka mampikatona ny sisitanin'i Madagasikara. Anisan'ny misedra olana vokatr'izany ireo mivelona amin'ny sehatry ny fizahantany any Ambositra: ireo mpandraharaha momba ny fizahantany, ny mpiseradia, na guide touristique, ny mpanao asa tanana. Ho fanampiana ireo mpiseradia any amin'ny distrikan'Ambositra, izay misedra olana nohon'ny tsy fisian'ny mpizahantany, dia nanao hetsika nitadiavam-bola anampiana azy ireo ny Jirama Ambositra, niara-niasa tamin'ny sampandraharaham-paritry ny



*Asa tanana, anisan'ny mampalaza an'Ambositra.*


Fizahantany any an-toerana, tamin'izany ihany koa no nitsidihana ireo toerana manan-tatara isan-tsokajiny sy orinasa fanaovana asa-tanana ao an-drenivohitry ny faritra Amoron'i Mania sy ny manodidina. Izany dia tafiditra amin'ny fankalazana ny faha-45 taona nijoroan'ny orinasa Jirama any amin'ity tanàna ity. Mbola hitohy any amin' ireo kaominina hafa manana ny lazany sy ny vakoka ao aminy, manodidina an'Ambositra izao hetsika, ho fanomezan' aina ny fizahantany indray any an-toerana.

***Aly***

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 377**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0376)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Sambatra | - Roa – Vaky | - Sandry | - Vilia (miv) |
| - Voay (miv) | - Ko – As | - Teo | - Taona |
| - Ntaolo | - Kambana | - Miaraka | - Ro – Naka (miv) |
| - Deraina | | - (Kitoat)oa – OM | - Avo – Isa |

## TENY MIFANARAKA N° 377




**Mitsivalana**

**1.** Eo amin'ny vatana **2.** Lavitra tsy hita maso – Resin-tory **3.** Ilainao – Bitika (BR) **4.** Faran-teny – Foto-tsakafo **5.** Fonenany – Anelanelan'ny teny **6.** Sakoroka **7.** Biby fiompy **8.** Dada – Zava-maniry **9.** Haja sy voninahitra – Kianteny – Onitra (BR) **10.** Nanala

**Mitsangana**

**A.** Lalandrano – Zandary **B.** Renirano – Sakafo – Marika **D.** Nandalina **E.** Hita eo amin'ny fery – Tsirin-teny Iharana **F.** Maneho fotoana – Feo miverina (miv) – Oseana, ranomasimbe **G.** Vao tsy ela – Nandray **H.** Làlam-pirenena – Metaly – Anaty nono **I.** Ajanony ! – Resaka tsy marina (miv) **J.** Mijaly ara-tsakafo – Fisotro (miv) **K.** Lavaka lavitra be – Teny mandràra

## Valiny Teny mifanaraka 0376

**Mitsivalana**

**1.**Maintirano **2.** If - Lay (miv) - Dio (miv) **3.** Lohataona **4.** Amalona **5.** Lasa - Ivato **6.** Any - Asio (miv) **7.** Haingo (miv) - Voa (miv) **8.** Aato - Ao **9.** Andrana **10.** Tsofa - Vavy (miv)

**Mitsangana**

**A** Milalao - BT **B.** Afomanga **D.** Hasina **E.** Niala - Faty (miv) **F.** Tato - Taona **G.** Ilany **H.** Ovao (miv) - Ory **I.** Noa (miv) - Aia ? - AV **J.** Niantsoana **K.** Do (miv) - Vaovao (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny filoha Marc Ravalomanana nihaona tamin'ireo mpitarika sasany avy amin'ny antoko TIM, tany Ihosy faritra Ihorombe.





Ny filoha Ravalomanana nitafa mivantana tamin'ny vahoaka, tao amin'ny tsenan'Ambalavao faritra Matsiatra Ambony.





Ny filoha Marc Ravalomanana nihaona tamin'ireo mpitarika sasany, avy amin'ny antoko TIM tany Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony.







